MPIASAMPANJAKANA MISOTRO RONONO

Tsy manaiky intsony amin'ny tsy fanomezan'ny fanjakàna ny «indemnité d'installation»

Tratra ny tsy azo anoharana ny fitondrana satria azo amin'ny marina, ka tsy afa-mihemotra amin'ny fanomezana ny '' indemnité d'installation''. Efa tamin'ny fitondrana notarihin'ny Filoha Ravalomanana no nivoaka ny didimpanjakana ahazoan'ny mpiasampanjakana misotro ronono io tombontsoany io, ka na ireo misotro ronono amin'izao fotoana izao aza dia misitraka izany amin'ny alalan'ny fanonerana. Tamin'ny taona 2019 niakaran'ny filoha amin'izao fotoana izao,dia efa maro ireo mpiasampanjakana nasaina nikarakara ny antotan-taratasy, kinanjo tampoka teo, dia nambara fa foana indray ity zavatra. Saingy maro ireo mpiasampanjakana mahay sy mahafehy ny lalàna, ka nahasahy nilaza mazava ny fisian'io didimpanjakana io ka tsy afaka nandà intsony ny fitondrana. Ireo mpitarika ny hetsiky ny mpiasampanjakana rahateo mailo sady nanentana avy hatrany ireo mpandray fisotroan-dronona hiroso avy hatrany amin'ny fikarakarana ireo antontan- taratasy. Efa amperin'asa tanteraka ireo izay nanokan-tena hitsinjo ireo mpisotro ronono amin'ny fandraisana ireo antontan- taratasy. Azo antoka aloha fa tsy ho sahy hitsipika intsony ry be hevitra mianakavy, kanefa tsy ferana ihany koa, fa tsy maintsy hanao sovaly politika io fanomezana ''indemnité d'installation '' io. Saingy tsy bado akory ireo mpisotro ronono ka tsy ahatakatra hoe ny Filoha Ravalomanana no vy nahitana sy angady nananana io zo ho an'ireo mpiasam-panjakàna misotro ronono. Ny fitondrana ankehitriny no nampitarazoka ny fahazoana io tombontsoa io, izay fantatra ihany koa fa tsy maintsy hisy indray ny fitarazoana eo amin'ny fizarana,satria efa fantatra ihany ny tsy fahafehezan'ny fitondrana akehitriny. ny '' digitalisation'' izay idedahany, kanefa tsy hainy akory.

Ny Valosoa

Zazah Ramandimbiarison

Tsy handroso i Madagasikara noho ny fanabeazana tsy lavorary eto

Mitondra fanehoan-kevitra momba ny raharahampirenena eto amintsika indray ny Praiministra lefitra teo aloha Zazah Ramandimbiarison:
"Amin'ny 19 septambra 2022 ho avy izao, ny Sekretera Jeneralin'ny Firenena Mikambana dia miantso ny « Fihaonana an-tampony amin'ny fanovana ny fanabeazana » any New York, Etazonia. Ny Filoha Andry Rajoelina dia hanolotra ny fanovana ny rafi-panabeazana eto amintsika.

Ny Praiministra lefitra teo aloha, Zazah Ramandimbiarison.

Ny ho avin' i Madagasikara dia ny tanora, loharanon-kery ho antsika. Raha toa ka mahay ny tanora malagasy rehetra ary manana saina misokatra dia azo antoka, fa ho mpanentana amin'ny fanovana sy ny fandrosoana tsara izy ireo ary hitondra hevitra vaovao, sy fomba fijery vaovao tsara ho an'i Madagasikara. Hoy ireo Ray amandreny tany aloha hoe: "Raha mahay dia fianarana, fa raha tsy mahay feno arina".
Tsy handroso na oviana na oviana i Madagasikara, raha mbola mitaiza toy ny "zaza be" fanatika ny tanora Malagasy ny mpitondra politika eto amintsika. Ny "famerimberenana fomba sy fihetsika ratsy dia Ren'ny fianarana zavatra ratsy. "Ny fianarana dia harena izay hanaraka ny tompony na aiza na aiza".
Mendrika zavatra tsara kokoa i Madagasikara, zavatra mifototra amin'ny kolontsaina Malagasy. Zava-dehibe ny hahazoana antoka fa ny zaza Malagasy dia hahazo ny soatoavina mendri-kaja, miainga amin'ny kolontsaina Malagasy ary hahazo ireo fahaiza-manao ilainy amin' ny fiainana tsara, indrindra indrindra avy amin'ireo Ray amandreny ara politika. Ary dia ho lasa ho hery marina tokoa ny Tanora Malagasy ho amin'ny fanovana sy fampandrosoana an'i Madagasikara.
Misedra olana goavana ny fanabeazana ny zaza Malagasy ankehitriny. Manamarina izany ny fahantrana mielimpatrana, ny antontan'isa ary ny fanadihadiana isan-karazany eo amin'ny sehatry ny fanabeazana. Mila ny fianarana fototra matotra ny zaza Malagasy, mila ny fahaiza-miaina, mila ny fahaiza-manao amin' ny ankapobeny, indrindra indrindra fahaizana mamaha olana sy fomba fisainana mamorona ny tanora Malagasy.
Tokony ho fantatry ny mpitondra politika rehetra fa ny mpampianatra no ho fototry ny rafi-panabeazana sy ny ho avin'ity Tanindrazana malala ity. Ny politika amin'ny fanabeazana, matotra, feno fahasahiana, laharam-pamehana voalohany eto amin' ny firenena ihany no hitondra ny tena fivoarana. Ny asan'ny mpampianatra dia tokony ho mahasarika tokoa ary ny politikan'ny fanjakana dia tokony hampiseho ny fanajana sy ny fanohanana mifanaraka amin'ny anjara asa lehibe tokony hataon'ny mpampianatra ho an'ny ho avy ny fiarahamonintsika sy ny ho avy ny zanaka Malagasy.
Anio ohatra, tsy tokony ho atao ary ve ny hahasarika ireo tanora nivaoka teny amin' ny Oniversite tsy an'asa eto amintsika, mba hanatevin-daharana ny mpampianatra eny amin' ny sekoly fanabeazana fototra?

Nangonin'Isambilo

Fifidianana filoham-pirenena 2018

Isan'ireo kandida nahazo famatsiambola tamin'i Rosia ny mpitondra ankehitriny

Tao anaty ny horonantsary navoakan'ny 24news omaly ny vokatry ny asan'ny sampam-pitsikilovana amerikana mikasika ny fifidianana teo amin' ireo firenena ivelany izay novatsian'i Rosia vola.
Nahatratra 500.000$ ny famatsiana kandidà iray avy amin'ny antoko demokraty tao Albania tamin'ny fifidianana 2017. Dia nisy koa ny kandidà notohanany tao Bosnia, Montenegro ary Madagasikara.
Teto Madagasikara dia kandidà miisa 12 no nahazo famatsiambola avy amin'i Rosia tamin'ny fifidianana filohan'ny repoblika 2018, hoy i Pasitera Mailhol. Isan'ny nahazo izany famatsiam-bola izany ny mpitondra ankehitriny, Beriziky, Mahafaly, Ravelonarivo, Dama Mahaleo, Sarah Georget, Mailhol,... sy ny maro hafa.
Izay izany no isan'ny antony mahatonga ny fitondrana Andry Rajoelina voafatotra amin'i Rosia amin'ity ady any Ukraina ity. Azo ho saintsainina fa tao anatin'izany ny famatsiana ireo fitaovam-piadiana mahery vaika izay mbola mitaky fanadiadiana ankehitriny. Ho fitsimbinana ny vahoaka ve no fikasana tamin'izy ireny sa ny hiaro ny fahefana norobaina? Dia mbola ho atokisana ve ny kary tafiditra ao am-bala amin'izany ?

Ny Valosoa

Ny Valosoa sy fakafaka

Aoka tsy afenina amin'ny vahoaka ny marina

Amin'ny fitantanana ity firenena ity ao anatin'izao fitondrana izao, dia tsikaritra mazava tsara ny fanamboamboarana ny teny nampanantenaina am-pahibemaso tany aloha nanoloana ny vahoaka maro amin'ny filazana azy aty aoriana kely. Miendrika fanakonakonana mihitsy aza izany indraindray raha ny fahitana azy. Anisan'izany ny fahenoina ny fanazavana nataon'ny SEG ny alakamisy lasa teo momba ny raharahan'Ikongo. Raha tsy handray afatsy ny amin'ny tifitra nataon'ny zandary ireo vahoaka, dia misy teny nambaran'i Andry Rajoelina tany aloha tao amin'ny Lapan'ny Kolontsaina sy fanatanjahantena Mahamasina ny mifandraika amin'izany. Nambarany tamin'izay, aoka tsy hohadinoina ny tantara, sa ny SEG tsy mba naharaka izany na taiza izy tamin'izany ? Nazava ny tenin'ny filohan'ny Repoblika, hoe : « tsy ekena intsony eto amin'ny firenena ny mbola hisiana Malagasy mandatsaka rà Malagasy ». Fanakianana ny zava-nitranga teny Ambohitsorohitra mantsy no nifandraika ny tiany ambara tamin'izay. Tsy ekeny intsony ny hisiana mpitandro filaminana na tomponandraiki-panjakana mandatsaka ràn'ny Mpiray tanindrazana, raha atao mahitsy kokoa ny filazana izay tiany nambara tamin'izay. N'inona n'inona anefa fanazavana sy fandehan'ny raharaha tamin'ny tany Ikongo, dia mbola niseho ilay toe-javatra. Ny re nambaran-dRajoelina tao anatin'izay dia hoe sokafana haingana ny fanadihadiana., fa tsy re intsony ilay teny nambarany tany aloha amin'ny tsy fanekena intsony ny fitrangana toe-javatra toy izany. Ny teny nambara tany aloha tsy tsaroana intsony ve ? Mampieritreritra lalina izany.
Ankoatra izay, noresahana sy niadian-kevitra kely ihany koa ny amin'ny resaka demôkrasia. Aoka ihany koa tsy amboamboarina ny filazana fa tena misy demôkrasia eto amin'ny firenena ity. Tsy ampy ilazana izany ny fisian'ny hoe fanehoan-kevitra any amin'ny haino vaky jery. Ny fototry ny demôkrasia dia ny fanehoan'ny vahoaka tsy an-kanavaka an-kahalalahana ny heviny momba ny fitantanam-pirenena sy ny fiainany andavanandro. Tsy tokony ho adinoina velively, ary hipetraka ho tantara koa ireny, dia ny tsy nahafahan'ny fikambanan'ny mpanjifa sy ny vahoaka mpanjifa nidina an-dalambe haneho fa sempotra izy noho ny fidangan'ny vidim-piainana, ary tsy efa tsy zakan'izy ireo intsony. Tsy nisy resaka politika izany, kanefa dia noraràna, nampidinana mpitandro filaminana izy ireo ary noezahaina haingana izay nanaparitahana ny vahoaka. Santionany iray lehibe niharihary iny tranga iny maneho mazava fa tsy muisy demôkrasia eto. An'ny vahoaka ny fahefana, fa tsy an'ny mpitondra, fa ireo nampindramina ihany. Raha tsy afaka maneho izay fahefany izay ilay vahoaka dia tsotra sy mazava, tsy misy ny demôkrasia, na ndeha atao hoe mihemotra. Ny solontenan'ilay vahoaka, izay nofidiany ary napetrany eny Tsimbazaza, dia miharihary fa tsy mitondra ny feony ny ankamaroany fa mitondra ny tenin'ny fitondrana sy ny an'ny antokony ary ny filohan'ny Repoblika tohanany. Izany rehetra izany, dia midika fa tsy mandeha amin'izay laoniny sy ny hitsiny ny zotra itondràna ny firenena. Mazava loatra, fa ireny dia misy akony eo amin'ny fiainam-bahoaka andavanandro dia izao iaraha-mahita izao ny fikorosy fahan'ny sehatra maro samihafa izay mampitambotsitra ny firenena ho lasa rambony manerantany amin'izao fotoana izao.

Sôh'son

Tiako i Madagasikara Toliara

Tafapetraka ny rafitra TIM ao Ampanihy

Tsy mijanona ny mpitantana ny biraon'ny TIM avy any Toliara, tanora ary vehivavy TIM fa mitohy hatrany ny famelomamaso ny antoko TIM ataon'izy ireo any amin'ny kaominina sy distrika ao anatin'ny faritra Atsimo Andrefana. Tafapetraka tao anatin'izany ny filoha hitantana ny DISTIM ao Ampanihy ny ben'ny tanana teo aloha Atoa Mosa, ny mpandrindra ny DISTIM Atoa Laza ary Seroga no filohan'ny tanora TIM Ampanihy. Tafapetraka ihany koa ny birao hitantana ny COMTIM ao amin'ny kaominina Ejeda. Nandritra ny fotoana dia vory maro ireo ben'ny tanana teo aloha lany tamin'ny anaran'ny antoko TIM tato anatiny Distrikan' Ampanihy izay ahitàna kaominina miisa 19. Vonona izy ireo hamerina indray filoha Marc Ravalomanana hitantana ny firenena amin'ny 2023 satria izay ihany hoy izy ireo no lalana hialàna amin'ny fahantrana mahazo ny Malagasy amin'izao fotoana hitondràny Andry Rajoelina izao.

Helisoa